

Ny Soimanga

Araky ny tantara amerendianina
"Le colibri"

Nandrindra sy nanoratra : *Catherine Rhiat*

Sary : *Colette Mayeur*



Nandika amin'ny teny malagasy :
Hubert Tsilavina Fanomezantsoa

Association pour la Sauvegarde des Lémuriens de Madagascar

2016



<https://www.aslm-lemuriens.org>

www.aslm-lemuriens.com



Angano ho an'ny ankizy

Fampahafantarana ireo biby sy ireo alan'i Madagasikara

**Taloha ela be hono,
ny olombelona sy
ny biby dia
niara niaina tany
anatin'ny alan'ny
Madagasikara.**



**Araka ny tantaran'Ibabanikoto,
rehefa nihamaro ny olombelona,
dia nizara ka nanapa-kevitra ny hivoaka ny ala ny sasany
tamin'izy ireo mba hamboly.**

**Raha amboly izy ireo dia, nandoro ala maro.
Izany no fomba fambolena nenti-paharazana izay
antsointsika hoe "tavy" .**

Nanomboka namboly vary sy mangahazo ary izy ireo.

**Rehefa afaka taona
vitsivitsy anefa,
dia tsikaritra fa nihena
ny vokatry ny tany**

...

**ka teraka ny hevitra ny
handoro
toeran-kafa indray.**



**Indray andro anefa rehefa
nandoro ka nikasa
ny hamboly indray izy ireo,
dia nisy rivotra nitsoka.**

**Nisioka mafy ny rivotra ka
nihitatra ho azy ny afo.**



**Vaky tahotra daholo ireo biby monina tao anaty ala,
nalemy tsy nahalala izay atao rehefa
nahita io trangan-javatra io.**



Ny sokatra



Ny gidro



Ny bibilava



Ny vorona



Ny tsipeko



Ny vontsira



Ny sahona



Ny babakoto

Ny gidro,



ny fosa,



ny vorona,

ny sahona,



ny bibilava,



sy ny bibikely,



dia tsy ary nisy nahita afo sahala an'io afo io.

Raha nitsoaka daholo ny sasany, indro kosa nisy vorana kely nivezivezy teo : ny soimanga gasy.



<http://1000-pattes.blogspot.fr/2017/07/madagascar-j6-souimanga-malgache.html>



Tsy nitsahatra nitati-drano tamin'ny vavany io vorona kely io mba hamonoany ny afo.

Nisy Sokatra iray izay mba miezaky ny mivoaka ny ala talanjona nahita ity Soimanga mandroso miverina ity.



**O ry Soimanga,
ho reraky ny fivezivezena eo
anie ianao e ...
Fantatrao tsara fa tsy ahafaty
io afo io ireo rano kely izay
taterinao !**

Namaly azy ilay Soimanga :

**Fantatro izany fa
kosa hataoko ny anjarako !**



**Ary ianao koa anie,
afaka manao ny adidinao e !**

Talanjona daholo ireo biby.

Varibolo niteny hoe :

**Hanampy anao
aho ry Soimanga**

...

**Tsy mahavita tahaka ny
anao aho fa haiko kosa ny
mampiasa ireo bararata
ireto**

...

**Ireo no ampiasaiko
hitaterako rano.**



<https://robinhoskyns.wordpress.com/tag/prolemur-simus/>



© Catherine RHIAT

<http://tropical.theferns.info/image.php?id=Cathariostachys+madagascariensis>

Nanaraka azy ity Vontsira :



<https://www.pinterest.fr/pin/443323157040877712/?lp=true>

**Ny ahy
ry ireto ny hohoko
no ampiasaiko,
hiady tany aho mba
tsy hiitaran'ilay
afo !**

**Maro ireo biby nanampy azy ireo.
Izy rehetra niaraka no nahafaty an'ilay
afo.**





Araky ny tantara amerendianina "Le colibri"

Nandrindra sy nanoratra : *Catherine Rhiat*

Sary : *Colette Mayeur*

Nandika amin'ny teny malagasy :
Hubert Tsilavina Fanomezantsoa



www.aslm-lemuriens.org



<http://m8.i.pbase.com/o2/37/741337/1/10711581>
8.iKcT20Sy.SouimangaS_er2005.jpg



<http://directorsblog.health.azdhs.gov/wp-content/uploads/2013/07/fire1.jpg>

Angano ho an'ny ankizy

Fampahafantarana ireo biby sy ireo alan'i Madagasikara



© Catherine RHIAT